
# 365Tantara 34. Ny fitokanana



# 34. Ny fitokanana

Any Afrika Afovoany, no misy antsika, any ambanivohitra, tanàna anatin'ny fahazavana Afovoan'ny fasika sy ny baobaba. Zaza, reny mavitrika, ary lehilahy mipetraka amin'ny seza, no mameno ny fiangonana.

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Ery amin'ny faran'ny fiangonana ery dia nisy zazalahy kely tokony ho 6 taona, variana mandinika ny zava-miseho.

Fotoam-pivavahana ny alahady io, ary teo amin'ny fotoanan'ny fanatitra..



Mandalo isaky ny laharana ny kitapo izay karazana voam-boatavo ngezabe nozaraina roa.

Io voam-boatavo ngezabe io dia ampiasaina amin'ny zavatra maro any Afrika.

Nalàna ny atiny hitantazana ny rakitra vola madinika sy vola taratasy.

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Ery amin'ny laharana faran'ny fiangonana ery, nisy zazalahy kely toa manonofy mandinika ity kitapo izay mandalo isaky ny laharana.

Nalahelo an'eritreritra izy… satria tsy misy azony atolotra ny Tompo.

Nandritra izany dia tonga teo aminy ny kitapo, teo dia gaga ny mpiangona : nihanika izy dia nipetraka tao anatin' ny kitapo sady niteny hoe:



« Ny zavatra tokana hananako dia omeko an'i Tompo! » Moa tsy fampisehona ny tenin'i Paoly ao amin'ny epistily nosoratany hoan'ny Romana toko faha 12 andininy 1, ve izany: « Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra , mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina , sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety ataonareo izany. »